Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ilay mpitondra hafatr'Andriamanitra

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Byron Unger; Lazarus

Nampifanarahin'i: E. Frischbutter: Sarah S.

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2013 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Indray andro, ny mpisorona be anankiray antsoina hoe Zakaria, nandoro ditin-kazo manitra tao an-tempolin'Andriamanitra. Ny vahoaka rehetra nandritra izany nivavaka tety ivelany. Tampoka teo, taitra sady toran-kovitra i Zakaria.

Hay nisy anjelin'ny Tompo niseho taminy. "Aza matahotra" hoy ilay anjely.

"Andriamanitra no naniraka ahy. Hiteraka zazalahy ny vadinao. Jaona no ataonao anarany. Izy dia hampody olona maro be ho ao amin'Andriamanitra."

"Mitenena aminay, ry Zakaria." Tety ivelany gaga ny olona. Tsy fantany manko fa ny anjely Gabriela dia niteny tamin'i Zakaria fa ho moana izy mandra-pahateraky ny zaza noho izy tsy nino ny hafatr'Andriamanitra.

Nihevitra mantsy Zakaria
fa efa antitra loatra ny
vadiny ka tsy afaka
hanan'anaka intsony.

Nony tonga tany an-tranony Zakaria, dia nosoratany daholo izay nolazain'i Anjely taminy. Gaga sy talanjona Elizabeta vadiny. Efa ela tokoa izy ireo no nangataka nivavaka mba hahazoana zanaka. Ahoana no hahatongavan'izany indray amin'izao taonan'izy ireo izao?

Fotoana vitsy
tao aorian'io dia
tsapan'i Elizabeta
fa manana anaka
izy. Ary dia nisaotra
an'Andriamanitra
izy noho izany.
Indray andro,
tonga namangy an'i
Elizabeta ny vehivavy
havany iray antsoina
hoe Maria. I Maria
dia nitoe-jaza koa
tamin'io fotoana io.



Vao niditra ny trano i Maria, dia henon'i Elizabeta nibitaka ny zaza tao an-kibony. Feno ny Fanahy masina i Elizabeta. Fantany fa io zanak'i Maria io dia tsy iza akory fa i Jesoa Kristy Tompo. Ka dia niaraka nisaotra an'Andriamanitra tamim-pifaliana izy roa.

Niteraka ny zananilahy arak'izay
nampanantenain'Andriamanitra tokoa
i Elizabeta. "Antsoy hoe Zakaria
toy ny anaran-drainy ny zaza"
hoy ny mpisorona sasany.
Teo vao tsaroan'i Zakaria
ny baikon'Andriamanitra
ka hoy izy: "Tsia,
Jaona no
anarany."

Rehefa voasoratr'i Zakaria tamin'ny taratasy izany teny izany, dia afaka niteny indray izy. Ary nisaotra an'Andriamanitra.

Rehefa niha-lehibe
Jaona, dia nanahaka
an'i Elia, ilay lehilahy
maherin'Andriamanitra.
Jaona dia nampahafantatra
ny olona ny amin'ny
hahatongavan'ilay
Zanak'Andriamanitra.

Nankahala azy ny lehiben'ny Jiosy noho izy miteny mandrakariva hoe: "Mibebaha ianareo. Aoka izay ny fahotana." Tsy te hiala amin’ny fahotany anefa izy ireo.

Ny olona sasany dia niantso azy hoe Jaona mpanao batisa satria izy dia nanao batisa ireo olona nanenina noho ny fahotany. Indray andro, dia nanatona an'i Jaona koa i Jesoa mba hataony Batisa.

Tsy nanaiky i Jaona: "Izaho no tokony ataonao Batisa." Fa Jesoa namaly ka nanao hoe: "Ekeo ihany aloha androany." Ary Jaona dia nanao batisa an'i Jesoa.

Rehefa vita ny batisan'i Jesoa, Jaona dia nahita ny fanahy masina nidina teo ambonin'i Jesoa toy ny voromailala. Izany dia fambara avy amin'Andriamanitra.

Fantatr'i Jaona
fa i Jesoa dia
zanak'Andriamanitra.
Zanak'ondrin'Andriaman
itra mpanaisotra ny
fahotan'izao tontolo
izao no iantsoan'i
Jaona an'i Jesoa.

Jaona dia nitarika olona marobe tokoa ho ao amin'Andriamanitra. Saingy Heroda ilay mpanjaka ratsy fanahy dia nanagadra azy. Hoy Jaona tamin'i Heroda: "Tsy afaka maka an'i Herodiasy, vadin'i rahalahinao, ho vady ianao, fahotana izany." Fantatr'i Heroda fa marina tokoa izany.

Fantany fa i Jaona dia mpanompon'Andriaman itra, lehilahy masina sady marina. Saingy tsy te-hiala amin'ny ratsy fanaony izy. I Jaona koa tsy nanaiky hijanona hitory hiady amin'ny fahotana, eny na dia fantany aza fa hampigadra azy izany.

Nanao fety lehibe i Heroda ho fankalazana ny andro nahaterahany. Nandihy ho azy ny zanakavavin'i Herodiasy. Nahafinaritra an'i Heroda izany. "Omeko anao daholo izay angatahinao amiko" hoy izy nianiana taminy. "Eny fa na dia ny antsasaky ny fanjakako aza."

"Inona re no angatahiko e?" hoy ilay zazavavy anakampo. Ny reniny, Herodiasy, izay nankahala an'i Jaona, dia nanoro hevitra azy ny amin'izay tokony angatahina. Mampivarahontsana!

"Omeo ahy eo ambony lovia lehibe ny lohan'i Jaona" hoy ilay zazavavy mantsy an'i Heroda. Nanenina i Heroda nanao fianianana taminy, saingy be loatra ny ambompony hiverenany indray amin'ny teny nataony.



"Tapaho ny lohan'i Jaona ka ento aty amiko." hoy Heroda nanome baiko. Ary dia notanterahan'ny miaramilany izany.

Tamin'alahelo lehibe no nandevenan'ireo
namany ny nofo mangatsiakan'
ilay mpanompon'Andriamanitra
tsara fanahy sady mahatoky.
Tapitra hatreo noho
izany ny asan'i Jaona.
Angamba fantatr'izy
ireo fa mbola eo i
Jesoa hampahery
azy ireo amin'ny
alahelony.

Ilay mpitondra hafatr'Andriamanitra

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Marka 6 ; Lioka 1, Lioka 3

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16